# "Ry Abbas, ry dadatoan'ilay Irak'Allah (S.A.W), angataho amin'I Allah ny fahasalamana eto an-tany sy ny any ankoatra

Tatitra azo avy tamin'i Abbas bin Abdol-Mottalib (R.A) niteny izy : Hoy aho : Ry irak'Allah ô! Ampianaro zavatra iray aho izay hangatahako amin'I Allah. Hoy izy : "Angataho amin'I Allah ny fahasalamana". Nijanona andro vitsivitsy aho dia avy eo niverina ka niteny hoe : Ry irak'I Allah ô! Ampianaro zavatra iray aho izay hangatahako amin'I Allah. Dia hoy izy tamiko : "Ry Abbas, ry dadatoan'ilay Irak'Allah (S.A.W), angataho amin'I Allah ny fahasalamana eto an-tany sy ny any ankoatra".

[Marina ho an'ny hafa] [Notantarain'i Al-Tirmizì sy Ahmad]

Ny dadatoan'ny Mpaminany (S.A.W) Al-Abbas bin Abdol Mottalib (R.A) dia nangataka tamin'ny Mpaminany (S.A.W) mba hampianatra azy ny fitalahoana ho entiny mangataka amin'I Allah,ka nampianatra azy hangataka amin'I Allah ny fahasalamana sy ny fiarovana amin'ny fahoriana sy ny kilema eo amin'ny finoana sy ny eto an-tany ny Mpaminany (S.A.W). Niteny i Al-Abbas hoe : Rehefa afaka andro vitsivitsy dia niverina taminy aho ary mangataka azy indray mba hampianatra ahy ny fitalahoana izay angatahiko amin'I Allah, dia hoy ny Mpaminany (S.A.W) taminy miaraka amin'ny fitiavana nanao hoe: Ry Abbasy ô!, Ry dadatoan'ny Irak'Allah! Angataho amin'I Allah ny fahasalamana mba hanoherana ny ratsy rehetra sy hisotonana ny tsara rehetra eto an-tany sy any ankoatra.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee